

## Fitoriana (Fiampangana)

Izahay dia manantena ny mpiasanay rehetra sy ireo mpiray antoka aminay amin'ny raharahanay rehetra mba haneho fanaraham-pitsipika araka izay voasoritra ao anatin'ny **Fitsipi-pitondran-tena** mifehy anay. Raha toa ka nisy fandikan-dalàna na fandikana ity Fitsipi-pitondran- tenanay ity ahiahiana dia tianay hanambara izany aminay ianao.

Azo tsidihina ao amin'ny intranet sy ao amin'ny [www.imperialbrandsplc.com](http://www.imperialbrandsplc.com) ny fitsipi-pitondran-tenana mifehy anay. Raha misy fanontaniana momba ny Fitsipika dia azonao atao ny mandefa mailaka amin'ny [Governance.Team@uk.imptob.com](mailto:Governance.Team@uk.imptob.com)

### Misy toerana maromaro azo itaterana izay zavatra ahiahiana:

#### 1. Fitoriana eo an-toerana

Raha mety aminao ny manao izany dia tokony hotaterinao amin'ny lehibe mpiandraikitra anareo na amin'ny ekipa misahana ny fitondrana mpiasa eo an-toerana izay zavatra ahiahiana. Manana torolàlana izahay mba hampizotra an-tsakany sy an-davany ireo tatitra momba ny zavatra ahiahiana.

#### 2. Fitoriana amin'ny lehibe mpitantana

Raha tsy mety aminao ny mitatitra ny zavatra ahiahiana amin'ny mpiandraikitra eo an-toerana, na raha nitatitra izany tamin'ny mpiandraikitra eo an-toerana ianao nefa tsy ampy ny fahitanao ny valiny avy eo an-toerana, dia azonao atao ny mifandray amin'ny iray amin'ireto olona eto ambany ireto:

- ny **Sekreteran'ny orinasa**;
- ny **Mpanara-maso ny vola ao amin'ny vondrona**; na
- ny **Tale misahana ny fitondrana ny mpiasan'ny vondrona**.

Telefaona: +44 (0)117 963 6636 ary lazao fa fiampangana ilay izy.

Raha ny hitatitra ilay zavatra ahiahiana an-tsoratra no tianao dia tsy maninona izany, saingy tsara kokoa raha toa ka lazainao anay ny fomba ahafahanay mifandray aminao. Azonao atao ny mandefa paositra ny taratasinao amin'ny:

The Company Secretary 121 Winterstoke Road, Bristol BS3 2LL, United Kingdom Mitondra ny marika hoe: <b>'Personal'</b>	Fax: +44 (0)117 966 7859 Mailaka: <a href="mailto:whistle.blowing@uk.imptob.com">whistle.blowing@uk.imptob.com</a> .
---	---

#### 3. Fitoriana amin'ny alàlan'ny nomeraon'ny sampan-draharaham-panampiana ivelany Expolink

Azonao atao koa ny mifidy amin'ny fotoana rehetra ny hitatitra ny zavatra ahiahiana amin'ny alàlan'ny sampan-draharaha mahaleo tena tanteraka tantanan'i **Expolink**, izay azo ifandraisana amin'ny telefaona, amin'ny mailaka na amin'ny tranonkala. Expolink dia hanao izay hahatongavan'ny tatitrao faran'izay haingana any amin'ilay olona andefasana azy:

- Ny nomeraon'i Expolink dia miasa 24 ora isan'andro, 7 andro isan-kerinandro (afa-tsy ny 25 desambra ihany). Samy hafa ny nomeraon-telefaona antsoina ho an'ny firenena tsirairay. Raha tsy fantatrao ny nomerao tokony antsoina dia jereo ny petadrindrana eo an-toerana na tsidiho ny vohikala [www.expolink.co.uk](http://www.expolink.co.uk), [www.imperialbrandsplc.com](http://www.imperialbrandsplc.com) na ny intranet-n'ny vondrona
- Ireo tatitra dia azo alefa mailaka amin'i Expolink amin'ny [imperialtobacco@expolink.co.uk](mailto:imperialtobacco@expolink.co.uk)
- Ireo tatitra miainga avy amin'ny tranonkala dia azonao apetraka amin'ny vohikalan'ny Expolink [www.expolink.co.uk](http://www.expolink.co.uk) amin'ny alàlan'ny kaody fahazoan-dàlana 'imperialtobacco'.

#### Ny toky omenay anao

Izahay dia hitazona ho tsiambaratelo, arak'izay azo atao, ireo tatitra nataonao. Kanefa, mba ahafahana manao fanadihadiana araka ny tokony ho izy dia mety mila avoaka ny fampahafantarana sasany.

Afaka misafidy ny hitatitra ny zavatra ahiahiana am-panafenana ny momba anao ianao raha toa ka eken'ny lalàna ao amin'ny firenena iasanao izany.

Izahay dia tsy mamindra fo ho an'ireo mikasa hamali-faty izay olona mamboraka ny ahiahiny na mitatitra mivantana momba ny tsy fanarahan-dalàna, na koa manampy amin'ny fanadihadiana. Fa izay tatitra mifono fisomparana kosa dia mety hiteraka fanasaziana.